CONGRES NATIONAL DES JEUNES CATHOLIQUES MALAGASY DE FRANCE

ZAIKABEN'NY TANORA KATOLIKA MALAGASY : BORDEAUX : 13 – 14 – 15 AOUT 2011

Zaikaben'ny Tanora Katolika Malagasy eto Frantsa dia hatao ny **13 – 14 – 15 Août 2011** any **Artigues – Près** - **Bordeaux**. Mandray anjara mavitrika sy feno amin'izany ny tanoran'ny FKMP. Nisy ny fiomanana ara-panahy nataon'izy ireo niaraka tamin'ny fanentanana isan-karazany. Ny lohahevitra dia :

"Ny Tanora Katolika Malagasy sy ny firotsahana amin'ny Fiangonana"
"Jeunes Catholiques Malgaches et engagement en Eglise"

JOURNEES MONDIALES DE LA JEUNESSE

JMJ MADRID 2011 : 16 – 17 – 18 – 19 – 20 – 21 AOUT 2011

Avy miatrika ny Zaikabe ny Tanora Katolika Malagasy eto Frantsa dia manohy ny dia be mizotra mankany Madrid, Renivohitry Espagne, hihaona amin'ireo Tanora Katolika Eran-tany. Tanora 1 tapitrisa mahery no andrasana amin'izany.

"Ka hamàka tsara sy hiorina ao Aminy, ary hohamafisin'ny Finoana" Kôl. 2, 7

Du **16 au 21 août 2011**, la capitale espagnole s'apprête en effet à recevoir les JMJ 2011, les XXVIe Journées Mondiales de la Jeunesse. Plus d'un million et demi de jeunes sont attendus ! Ces JMJ sont les deuxièmes organisées par l'Espagne, après Saint-Jacques de Compostelle en 1989. Du 18 au 21 Août 2011, le pape Benoît XVI se rendra à Madrid (Espagne).

Samedi 20, à 9 h 00 dans les jardins du Buen Retiro, Benoît XVI confessera des jeunes, avant de célébrer la Messe pour les séminaristes, à 10 h 00 en la Cathédrale de Madrid. A 17 h 00, il rencontrera à la nonciature les organisateurs des JMJ puis se rendra en visite à 19 h 40 à la fondation San José. Enfin, à 20 h 30 à l'aéroport Cuatros Vientos, il présidera une veillée de prière.
Dimanche 21 à 9 h 30, le Pape présidera au même endroit une Messe, suivie de l'angélus.

"Enracinés et fondés dans le Christ, affermis dans la Foi" Col. 2, 7

Ho entintsika am-bavaka izany fotoan-dehibe hatrehin'ny tanora izany (Zaika be sy JMJ) mba tsy ho azon-tsampona. Hanovo fahasoavana enti-miatrika ny adidy miandry azy ireo.

TANORA KATOLIKA MALAGASY

“Ka hamàka tsara sy hiorina ao Aminy, ary hohamafisin’ny Finoana” Kôl. 2, 7

Hiara-hifampizara izany teny faneva izany any amin’ny JMJ any Madrid ny Tanora Katolika Malagasy.

Ny avy any Madagasikara dia miisa 73 avy amin’ny Diosezy 17, misy avy amin’ny Vondrona, Fikambanana FET, FTMTK, Paroasy, sns…, tarihan’I Mgr RAOELISON Jean de Dieu, Eveka Mpanampy ao amin’ny Diosezin’Antananarivo, isan’ny Eveka mpiahin’ny Lahika (CEPAL) eo anivon’ny Vaomieran’ny Eveka. Miaraka amin’ny Mompera RAZAFINDRAINY Cyprien, zezoita, Aumônier National-ny tanora, ny Filohan’ny Vovonam-pirenenan’ny Tanora Katolika, RAZAFIAROSON Cocken . Mitotaly 8 ny isan’n y Pretra ary 6 kosa ny Masera. RAFIDISON avy amin’ny Diosezin’Antsirananana kosa no lehiben’ny giropy mandrindra izao dia izao.

Ny avy eto Frantsa kosa dia 26 ka avy eto Paris ny 13 no ho any Madrid.
152 kosa ireo handray anjara amin’ny Zaikabe

Mitrotro azy ireo am-bavka isika.

Raha nandalo teto Paris izy ireo, nijanona kely ora 4, alohan’ny hanohizany ny diany any Espagne ny Talata 09 Aogositra 2011 dia nisy sakafo maivana sy zava-pisotro natolotra azy ireo teny amin’ny Seranam-piaramanidinina Roissy Charles de Gaulle. Nandray azy ireo teny ny Filohan’ny FKMP mivady ELIASY Liva, sy i Jacques Denis RABEMAHARO avy ny Toulouse ary i Lucette avy eto amin’ny FKMP ihany koa. Izy ireo no nikarakara sy nanolotra izany. Nisy ny teny fifampiarahabana sy fisaorana nifanaovana ary firarian-tsoa.